


كتاب الصوم



BOKIN'NY FIFEHEZANA

**ARAKA NY « FATWA »-N'NY
AS-SAYED AS-SISTANIĪ (دام ظلّه)**

Daroul-hikmah

Ambohitrarimo

دار الحكمة

كِتَابُ الصَّوْمِ
BOKIN'NY FIFEHEZANA



المترجم سالم معروف
Nadikan'i Salim Manrouf

Institut Islamique de Madagascar



لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ
مُحَمَّدٌ رَسُولُ اللَّهِ
عَلِيٌّ أَمِيرُ الْمُؤْمِنِينَ وَوَلِيُّ اللَّهِ



كِتَابُ الصَّوْمِ
طَبَقًا لِفَتَاوَى سَمَاحَةِ آيَةِ اللَّهِ الْعُظْمَى
السَّيِّدِ عَلِيِّ الْحُسَيْنِيِّ السِّيسْتَانِيِّ
- دَامَ ظِلُّهُ الْعَالِي -

**Bokin'ny fifehezana
araka ny "fatwà"-n'ny
As-sayed As-sistani
- دَامَ ظِلُّهُ -**

بسم الله الرحمن الرحيم

أحمد لله رب العالمين، والصلاة والسلام على محمد وأله الطاهرين،

واللعنة الدائمة على اعدائهم أجمعين.

الصَّوْمُ وَشَرَائِطُ وَجُوبِهِ

Ny fifehezana sy ireo fepetra maha-wadjib azy

Wadjib amin'ny mpino silamo tsirairay ny manao fifehezana isaky ny volana masina Ramadany rehefa nahafeno ireto fepetra manaraka ireto:

1-Ny fahampian'ny taona - اَلْبُلُوغُ -

Tsy voatery manao fifehezana manomboka ny mangirandratsy ny olona izay mbola tsy ampy taona, na dia ny fitandremana tsara atao aza dia ny manohy ny fifehezany hatramin'ny farany raha toa ka efa nanao fikasana nifehy moustahab izy ka teo afovoan'ny andro no nahafeno ny taonany.

2;3-Ny fahaviorian'ny saina sy ny tsy fahatoranana

- اَلْعَقْلُ وَ عَدَمُ الْإِغْمَاءِ -

Rehefa adala na torana ny olona iray amin'ny fomba tsy nahafahany nananteraka ny fikasana izay takiana eo amin'ny fifehezana, ka eo afovoan'ny andro vao misava izany, dia tsy wadjib aminy ny mifehy amin'izany andro izany ; eny raha izy efa nanao fikasana nialohan'ny nitrangan'izany zavatra izany, ny fitandremana tsy maintsy arahina dia ny fanohizany ilay fifehezana.

4-Ny twahàrah na ny fahadiovana amin'ny fadimbolana sy amin'ny ràn'ny fiterahana, - اَلطَّهَارَةُ مِنَ الْحَيْضِ وَالنَّفَاسِ -

Koa noho izany, dia tsy wadjib ny fifehezana amin'ny vehivavy izay ivoahan'ny fadimbolana sy ny ràn'ny fiterahana, ary tsy ara-dalàna ny fifehezan'izy ireo, na dia nitranga teo amin'ny ampahan'ny andro aza izany.

5-Tsy fisian'ny voka-dratsy - عَدَمُ الضَّرَرِ -

Toy ny aretina izay mampisy fiantraikany ratsy raha manao ny fifehezana ; toy ny fitomboan'ny aretina, na fahelan'ny fahasitranana, na koa mihamafy ilay hotsok'ilay aretina. Izany voalaza izany, dia araka ny fetra mahazatra, ary tsy misy ny mahasamihafa izany eo amin'ny fananana fahatokisana na ahiahy na fisalasalana manamarina ny fahatahorana izay miankina amin'ny fomba ara-tsaina. Koa noho izany rehetra izany dia tsy wadajib ny fifehezana.

Ary raha ohatra ka mahatoky ny tenany amin'ny tsy fisian'ny voka-dratsy, kanefa izy natahotra ny fisian'izany voka-dratsy izany amin'izay sarobidy aminy, toy ny fianakaviany, na ny harenany, nefa sarotra ny fahazakana izany, dia tsy wadajib aminy ny mifehy, ary torak'izany koa tsy wadajib aminy ny mifehy raha ohatra ka ilay fifehezana dia manelingelina ny wadajib anankiray mitovy aminy, na wadajib anankiray izay tena manan-danja mihoatra, toy fahatahorany voka-dratsy mihatra amin'ny zavatra sarobidy ho an'ny hafa na ny fananan'ny hafa izay wadajib aminy ny miaro izany.

6-Ny maha-eo an-tanàna na izay mitovy lalàna amin'izany

- الْحَضَرُ أَوْ مَا بِحُكْمِهِ -

Raha ny olona iharan'ny didy ao anatin'ny fanaovana dia lavitra izay mahatonga swalàt ho fohy dia tsy wadajib aminy ny fifehezana, eny tsy mety aminy tokoa izany. Fa raha ilay dia lavitra izay hanaovana swalàt feno dia tsy azo avela ny fifehezana amin'izany dia lavitra izany.

M.1: Ireo toerana izay hananan'ny mpandeha lavitra safidy eo amin'ny fanaovana swalàt feno sy swalat fohy, ny wadajib aminy eo amin'ireo toerana ireo dia ny manapaka ny fifehezana, ary tsy ara-dalàna aminy mihitsy ny mifehy.

M.2: Ilaina eo amin'ny fahazoana manapaka ilay fifehezana ho an'ily mpanao dia lavitra mba hihoatra ilay “haddout-tarakhousw” izay faritra ahazoana ny manao swalât fohy, koa miverena ao amin'ily boky fiqh nosoratany raha mila fanazavana mikasika izany.

M.3: Wadjib araka ny fitandremana tsy maintsy arahina ny manohy ny fifehezana, ho an'ily olona izay nanao dia lavitra taorian'ny zawâl ary ara-dalàna izany; fa izay nanao dia lavitra alohan'ny zawâl kosa dia tsy ara-dalàna aminy ny manao fifehezana amin'izany andro izany, na dia tsy nanao fikasana aza izy tamin'ny alina noho ilay dia lavitra, araka ny fitandremana. Noho izany, azony atao ny manapaka ilay fifehezana rehefa miala amin'ily “haddout-tarakhousw” izy, fa wadjib ny manolo izany.

M.4: Rehefa miverina amin'ny tanindrazany na ny toerana izay tiany hijanonana mandritra ny tsy latsaky ny folo andro ilay mpanao dia lavitra dia misy fanazavana maro azo hambara amin'izany:

-Rehefa tafaverina taorian'ny zawâl izy, amin'izay fotoana izay dia tsy wadjib ny manao fifehezana.

-Raha tafaverina talohan'ny zawâl, ary efa nisakafo tao anatin'ily dia lavitra izy, amin'izay fotoana izay dia tsy wadjib ihany koa ny manao fifehezana.

-Raha tafaverina talohan'ny zawâl izy, ary tsy mbola nisakafo teo amin'ily diany, amin'izay fotoana izay dia wadjib aminy ny mikasa mba hifehy, ka mifehy izy mandritra ny tapak'andro sisa tavela.

M.5: Raha nanao fifehezana ilay mpanao dia lavitra nohon'ny tsy fahafantarany ilay lalàna, nony efa hariva anefa ny andro vao nahafantatra izany izy, dia ara-dalàna ny fifehezany ary tsy wadjib aminy ny manolo.

M.6: Azo atao ny manao dia lavitra amin'ny volana Ramadany na dia tsy misy ny mahamaika, ary tsy maintsy manapaka ny fifehezana amin'izany andro izany. Fa ankoatra ny volana Ramadany, amin'ireo fifehezan wadjib manokana, ny lalàna manankery araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani dia ny tsy fahazoan-dàlana manao ilay dia lavitra, raha toa ilay fifehezana dia fifehezana wadjib amin'ny alalan'ny fikaramana ohatra na ny mitovy amin'izany, ary torak'izany koa, dia tsy azo atao ny manao dia lavitra amin'ilay andro fahatelon'ny **إِشْكَالٌ** “intiquàf”. Fa raha ny fifehezana wadjib nohon'ny voady, dia azo atao ny manapaka araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani azy, ary ny fahazoana mampiaraka izany lalàna izany amin'ny lalànan'ny fianianana sy ny fampanantenana dia misy olana amin'ireo manam-pahaizana, izany hoe misy **إِشْكَالٌ**.

M.7: Tsy ara-dalàna ny manao fifehezana wadjib ho an'ny mpanao dia lavitra izay hanaovana swalàt fohy -raha toa ka mahay ny lalàna izy-afa-tsy amin'ny toerana anankitelo:

Voalohany: ny fifehezana mandritra ny telo andro amin'ireo folo andro izay natao ho solon'ilay biby vonoina amin'ny hadj at-tama'ton ho an'izay olona tsy nanana fahafahana namono ilay biby.

Faharoa: ny fifehezana mandritra ny valo ambin'ny folo andro izay solon'ny famonoana ilay rameva ho hetra amin'izay nanao hadj ka niala tamin'ny **عَرَفَات** “an'arafàte” talohan'ny filentehan'ny masoandro.

Fahatelo: ny fifehezana moustahab eo amin'ny fotoana manokana izay nanaovana voady ny fanatanterahana azy ao anatin'ny dia lavitra na atao amin'ny ankapobeny, izany hoe na ao anatin'ny dia lavitra na tsia. Ary sahala amin'ny tsy maha-ara-dalàna ny fifehezana wadjib ao anatin'ny dia lavitra ankoatra ireo toerana anankitelo izay voalaza teo ireo, dia torak'izany koa ny tsy maha-ara-dalàna ny fifehezana moustahab eo aminy koa raha tsy hoe ny fifehezan telo andro nohon'ny **فَضَاءُ الْحَجَّةِ** “qalwà-oul-hadjah” ao amin'ny tanàna Al-madinatoul-Mounawwarah, ary

araka ny fitandremana dia mba ho amin'ny andro Alarobia sy Alakamisy ary Zoma.

M.8: Mba ho ara-dalàna ilay fifehezana moustahab dia ilaina ilay olona iharan'ny didy mba tsy enjehin'ny eritreritra amin'ny fananana fifehezana soloina nohon'ny volana Ramadany; fa tsy maninona ny fifehezana raha toa ka ny olona no takiana fifehezana wadajib nohon'ny fikaramana, na soloina, na onitra, na ankoatr'izany; koa noho izany dia ara-dalàna aminy ny fifehezana moustahab amin'izany rehetra izany araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani azy. Torak'izany koa ara-dalàna aminy ny fifehezana moustahab izay mety atao anatin'ny dia lavitra, na dia takiana fifehezana soloina nohon'ny volana Ramadany aza izy, araka ny fatwa-n'ny As-sayed As-sistani manankery.

Ny lehilahy sy ny vehivavy antitra raha manahirana azy ireo ny manao fifehezana dia azon'izy ireo atao ny manapaka ary mamoka onitra sakafo “moudd” anankiray isaky ny andro izay nanapahana, ary tsy wadajib amin'izy ireo ny manolo, fa raha tsy afaka mifehy mihitsy izy ireo dia foana ny maha-wadajib ny fifehezana amin'izy ireo, ary tsy mifanalavitra amin'izany ny mahafoana ihany koa ilay onitra amin'izany fotoana izany. Izany lalàna izany dia ampiarina ihany koa ho an'ny olona izay manana aretina hetaheta, koa raha tena manahirana azy ny mifehy dia mamoka onitra “moudd” iray isaky ny andro notapahiny izy, fa rehefa tsy afaka manao izany izy dia tsy mifanalavitra aminy ihany koa ny mahafoana ilay onitra.

M.9: Ny vehivavy bevohoka akaiky hiteraka, raha toa ka matahotra ny voka-dratsy amin'ny tenany, na amin'ilay zaza ao an-kibony, dia azony atao ny manapaka. Eny, mety wadajib mihitsy aza ny manapaka raha toa ilay fifehezana mampisy vaoka-dratsy izay haràm amin'iray amin'izy roa ireo, ary mila mamoka onitra “moudd” iray isan'andro sy ny manolo ihany koa ilay fifehezana isaky ny andro notapahiny.

M.10: Ny vehivavy mampinono izay kely ronono, raha toa ka matahotra ny mety hisian'ny voka-dratsy amin'ny tenany na amin'ilay zaza minono, dia azony atao ny manapaka, -eny, indraindray dia wadjib ny manapaka tahaka ny efa voalaza teo aloha-, fa wadjib aminy ny manolo sy mamoa onitra isaky ny andro izay notapahiny. Tsy misy ny mahasamihafa izany lalàna izany amin'ilay mampinono eo amin'ilay reny niteraka sy ny vehivavy nokaramaina na vehivavy mampinono maimaimpoana. Fa ny fitandremana tsy maintsy arahina amin'izany dia ny manokana izany lalàna izany raha toa ka ilay fampinonoana an'ilay zaza dia tsy misy afa-tsy ny vehivavy iray ihany, izany hoe, ny tsy fahitana fomba hafa ampinonoana an'ilay zaza na dia amin'ny alalan'ny fampizarazarana ny finonoana amin'ireo vehivavy aza; fa raha tsy izany dia tsy azony atao ny manapaka ilay fifehezana.

M.11: Ny “moudd” **أَلْمُدُّ** anankiray dia milanja eo ho eo amin'ny telo ampahefatra ny kilao (3/4 kg) fa ny tena tsara dia avy amin'ny varimbazaha na avy amin'ny lafarinina, fa araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani dia mety ny sakafo rehetra na dia mofo aza.

تُبُوْتُ الْهَلَالِ فِي شَهْرِ رَمَضَانَ

Famaritana ny tsinambolana amin'ny volana Ramadany

Ferana amin'ny maha-wadjib ny fifehezana mandritra ny volana Ramadany ny fahatsinan'izany volana izany araka ny anankiray amin'ireto fomba manaraka ireto:

1-Ny fahitan'ny izy tenany izay iharan'ny didy mivantana ilay tsinambolana.

2-Fananana fahatokisana na fahatoniana nohon'ny vaovao miely na ny ankoatr'izany amin'ny fahitana ilay tsinambolana ao amin'ny tanàny na ao amin'ny tanàna hafa izay mitovy famataranandro, araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani azy.

3-Ny fahataperan'ny telopolo andron'ny volana Chanbàn.

4-Ny fijoroan'ny lehilahy anankiroa olo-marina na “àndil”¹ ho vavolombelona amin'ny fahitana ilay tsinambolana, ary ferana amin'ilay fijoroana vavolombelona ny fitovian'ny fahitana ilay tsinam-bolana. Noho izany, raha milaza ny anankiray amin'izy roa fa nahita izany teo amin'ny faritra iray, fa ilay anankiray kosa no milaza ho nahita izany tamin'ny faritra iray hafa, amin'izay fotoana izay dia tsy mitombona ny fahitana ilay tsinambolana. Torak'izany koa, ferana eo amin'ilay fijoroana vavolombelona ny tsy fisian'ny fifanoherana amin'ny fahitan'izy roa ireo na dia amin'ny lafin'ny lalàna aza, toy ny hoe: raha misy vondron'olona maro ao amin'ny tanàna nijery ilay tsinam-bolana, fa ireo lehilahy àndil anankiroa ireo fotsiny amin'ireo vondron'olona ireo no nilaza fa nahita izany, na koa misy vondron'olona nijery ilay tsinam-bolana fa tsy nisy nilaza ho nahita afa-tsy lehilahy andil anankiroa, ary ny ankoatr'izy roa ireo dia tsy nisy nahita, kanefa dia mbola misy lehilahy anankiroa andil mitovy amin'izy roa ireo eo amin'ny fahafantarana ny faritra manamarika ny fivohan'ilay tsinambolana no sady mitovy fijerevana sy heverina fa tsara ny toetr'andro ka tsy misy zavatra mampiahiahy manakana ny fahitan'izy ireo, koa amin'ny toe-draharaha toy izany dia tsy manankery ny fijoroan'ireo lehilahy andil anankiroa ireo vavolombelona. Tsy mitombona ihany koa ny fahitana ny tsinambolana amin'ny alalan'ny fijoroan'ny vehivavy vavolombelona raha tsy hoe angaha, hahazoana fahatokisana amin'izany fijoroan'izy ireo vavolombelona izany.

M.12: Tsy mitombona ny fisehoan'ilay tsinambolana nohon'ny didin'ilay mpitsara, na koa ny fahitana ny fivoahan'ilay volana boribory

¹ Ny dikan'ny hoe **الْعَدَالَة** “al-andàlah” araka ny voalazan'ny As-sayed As-sistani ao amin'ny bokiny “al-masàil al-mountakhabah” pejy faha-16, dia ny fijoroana amin'ny fampiharana ilay “chari’anh” masina, izay matetika vokatry ny fahatahorana miorimpaka ao am-pony; fa ny mifanohitra amin'izany dia ny famelàna ny wadjib na ny fahasahiana manao ny haràm tsy misy antony marim-potra.

ka lazaina fa izany dia tsinambolana tamin'ily alina efa lasa, ary tsy mitombona ihany koa ny filazan'ny mpanandro, izany hoe ny “astrologue” ...sns, araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani (حَفِظَهُ اللهُ).

M.13: Raha nanapaka fifehezana ny olona iharan'ny didy, avy eo nahafantatra ny fisian'ily tsinambolana, amin'ny alalan'ny fomba iray amin'ireo fomba voalaza teo aloha, dia wadjib aminy ny manolo; fa raha misy fe-potoana tavela amin'io andro io dia wadjib aminy ny mitazona ny tenany amin'ireo zavatra manapaka ny fifehezana, araka ny fitandremana tsy maintsy arahina.

M.14: Ampy ny mampitombona ny fisehoan'ny tsinambolana amin'ny tanàna hafa na dia tsy hita amin'ny tanànan'ily mpifehy aza, raha toa ka mitovy famantaranandro, izany hoe, ny fahitana ny fivoahan'ily tsinambolana eo amin'ily tanàna iray dia mifanaraka amin'ny fahitana izany koa amin'ily iray hafa raha tsy nohon'ny fisian'ny sakana toy ny rahona na vohitra...sns.

M.15: Ilaina amin'ny mampitombona ny tsinambolana Chawàl ny fahatanterahan'ny iray amin'ireo fomba noresahintsika teo aloha, noho izany, rehefa tsy misy mitombona ny iray amin'ireo fomba ireo dia tsy azo atao ny manapaka ilay fifehezana.

M.16: Raha mifehy amin'ny andro mampisalasala na “yawmouch-chak” amin'ny volana chawàl, avy eo nitombona ny fisehoan'ny tsinambolana teo afovoan'ny andro, dia wadjib aminy ny manapaka.

M.17: Tsy azo atao ny mifehy amin'ny andro mampisalasala amin'ny fidiran'ny volana Ramadany miaraka amin'ny fikasana fa efa volana Ramadany. Eny, azo atao ny mifehy amin'io andro io amin'ny fikasana “moustahab” na “qalwà”. Koa rehefa fantatra teo afovoan'ny andro fa efa manitsaka ny volana Ramadany izy, dia ovainy ny fikasana ary manohy ny fifehezana. Fa raha fantany izany taorian'ny

fahataperan'ily andro, amin'izay fotoana izay dia ekena ny fifehezany ary tsy wadjib aminy ny manolo.

M.18: Ny voafonja na ny olona babo raha tsy mahavita ny mamaritra ilay volana Ramadany dia wadjib aminy ny maminavina araka izay fahatakarany, ka mampihatra arak'izay hananany fiahiahiana bebe kokoa. Fa raha tena tsy manana fahatakarana mihitsy izy, dia mila misafidy volana anankiray hifehezany, araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani (حَفِظَهُ اللهُ), ary wadjib aminy ny mitadidy tsara io volana izay nanaovany fifehezana io, mba hahafantarany aty aoriana raha nifanandrify tamin'ily volana Ramadany izany na tsia. Koa raha nifanandrify dia efa nahavita izy, fa raha nifanohitra kosa dia misy endrika anankiroa:

1-Ny fahafatarany fa ny fifehezana nataony dia taorian'ily volana Ramadany, ka amin'izay fotoana izay dia tsy misy olana eo amin'ity endrika ity.

2-Ny fahafantarany fa ny fifehezana nataony dia talohan'ily volana Ramadany, amin'izay fotoana izay dia wadjib aminy ny manolo ilay fifehezana raha toa ka nahafantatra izany taorian'ily volana Ramadany izy.

نِيَّةُ الصَّوْمِ

Fikasana amin'ny fifehezana

Wadjib amin'ny olona iharan'ny didy ny manao fikasana hitazona ny tenany amin'ireo zavatra manapaka ny fifehezana izay efa fantatra, manomboka ny mangirandratsy ka hatramin'ny filentehan'ny masoandro¹, mba hanatanterahany ilay didin'i Allah, Ilay Avo Indrindra. Ary araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani (حَفِظَهُ اللهُ) dia azo atao ny manao fikasana iray

¹ Fialan'ily taramasoandro mena hita eny atsinanana aorian'ny filentehany marina.

eny ampiandohana ho an'ny fifehezana ilay volana iray manontolo, koa amin'izay fotoana izay, dia tsy ferana ny manavao ilay fikasana nolazaina isaky ny alina, na eo amin'ny fiposahan'ny mangirandratsy, na dia takiana izany mba ho fanamafisana.

M.19: Tahaka ny ilàna ny fikasana ny fifehezana amin'ny volana Ramadany no ilàna azy ihany koa amin'ireo fifehezana wadjib ankoatra ny volana Ramadany, toy ny fifehezana nohon'ny onitra na voady na fifehezana atao solon'ny hafa. Ary raha toa ka ny olona no manana karazana fifehezana wadjib samihafa, dia wadjib aminy ny mamaritra ilay fifehezana ao anatin'ilay fikasana. Eny, eo amin'ny volana Ramadany dia tsy ilaina ny mamaritra izany satria ny fifehezana amin'io volana io dia efa nofaritany ny tenany.

M.20: Ampy eo amin'ny fikasana atao amin'ny fifehezana ny mikasa mba hitazona ny tena amin'ireo zavatra izay manimba ny fifehezana amin'ny ankapobeny, fa tsy ilaina ny mamaritra izany amin'ny antsipiriany.

M.21: Raha tsy tanteraka aminy ny fikasan'ilay fifehezana teo amin'ny andro iray ao amin'ny volana Ramadany nohon'ny fanadinoana fa izy io dia volana Ramadany ohatra, kanefa mbola tsy nanao zavatra izay manapaka ny fifehezana izy, koa raha tsaroany izany taorian'ny zawàl, araka ny fitandremana tsy maintsy arahina, dia wadjib aminy ny mitazona ny tenany amin'ny fe-potoana sisa tavela amin'ny fikasana ankapobeny mba hanatanteraka ny didin'i Allah, fa mila manolo izany andro izany izy any aoriana. Fa raha nialohan'ny zawàl izany no tsaroany dia mila mikasa hifehy izy ary heveriny fa ara-dalàna ilay fifehezana na dia ny fitandremana tsara ataony dia ny manolo aorian'izany, ary toy izany ny fomba atao amin'ny ankoatr'izany volana Ramadany izany amin'ireo fifehezana wadjib izay efa nofaritana. Fa ny fifehezan wadjib izay tsy nofaritana dia mitohy ny fotoana fanaovana fikasana ho azy hatramin'ny zawàl; fa mikasika ny fifehezana moustahab kosa, dia ny fotoana

fanaovana fikasana aminy dia mitohy foana hatramin'ny filentehan'ny masoandro, izany hoe, ny olona iharan'ny didy, raha mbola tsy nanao zavatra izay manimba fifehezana dia azony atao ny manao fikasana hifehy moustahab, ka mitazona ny tenany izy amin'ilay fe-potoan'ny andro sisa tavela na dia fotoana fohy aza, ary heveriny fa ho fifehezana ho azy izany andro izany.

M.22: Raha nanao fikasana hifehy izy, avy eo nikasa ny hanapaka eo amin'ny fotoana izay tsy azo atao ny manatara an-tsitrapo ilay fikasana, ary avy eo namerina indray ilay fikasana, araka ny fitandremana tsy maintsy arahina dia tsy azo heverina ho ara-dalàna izany fifehezana izany.

M.23: Raha nanao fikasana amin'ny alina ny hifehy rahampitso, avy eo natory ka tsy nahafoha ny tontolo andro dia ara-dalàna ny fifehezany.

الْمُفْطَرَاتُ

Ireo zavatra manimba ny fifehezana

Maro ireo zavatra izay manimba ny fifehezana:

1) sy 2): Ny fihinanana sy fisotroana an-tsitrapo, ary tsy misy ny mahasamihafa ny zavatra hohanina sy sotroina amin'ireo sakafo mahazatra sy ny ankoatr'izany, na eo amin'ny fahakelezan'ilay zavatra sy ny fahabetsahany; torak'izany koa, tsy misy ny mahasamihafa eo amin'ny fihinanana sy ny fisotroana avy amin'ny fomba mahazatra na avy amin'ny fomba hafa. Koa raha nisotro rano avy eo amin'ny orona dia simba ny fifehezana, ary mbola simba ihany koa ny fifehezana amin'ny alalan'ny fanatlamana amin'ny safidy ireo poti-tsakafo sisa tavela amin'ny nify.

M.24: Tsy manimba ny fifehezana ny fihinanana na ny fisotroana tsy natao an-tsitrapo, toy ny olona nanadino ny fifehezany ka nahinana na

nahasotro. Toy izany koa, tsy manimba ny fifehezana, raha toa ilay rano ka tafiditra any amin'ny tenda tsy an-tsitrapo...sns.

M.25: Tsy manimba ny fifehezana ny fampidirana ranom-panafody amin'ny alalan'ny fanidromana ao amin'ny nofo na hozatra. Torak'izany koa, tsy manimba ny fampidirana teten-dranom-panafody ao amin'ny sofina na maso, na dia hita heno aza ilay tsiro ao amin'ny tenda.

M.26: Azon'ny mpifehy atao ny mitelin-drora an-tsitrapo raha tsy mbola nivoaka ivelan'ny vavany. Eny, azony atao ny mamorivory izany ao am-bavany avy eo mitelina izany indray.

M.27: Tsy mampaninona ho an'ny mpifehy ny manelina izay mivoaka avy ao amin'ny tratrany na avy ao an-dohany amin'ireo rehoka, raha toa ka tsy mbola tonga tao am-bavany izany; fa raha tsy izany, ny fitandremana dia ny miala amin'izany na dia tsy mifanalavitra ny fahazoana manao izany.

M.28: Azon'ny mpifehy atao ny miborosy nify, fa kosa rehefa navoakany tany ivelany ilay borosy dia tsy averina ao am-bavany raha mbola mando, raha tsy hoe mandrora an'izay eo am-bavany aoriany famerenany izany.

M.29: Azon'ny mpifehy atao ny tsy misikotra nify aorian'ny sakafo -mialohan'ny fifehezana- raha tsy mahalala ny fidiran'ny potitsakafo eo anelanelan'ny nify mankany an-kibo amin'ny atoandro, fa raha mahalala dia wadajib ny misikotra.

M.30: Tsy mampaninona ho an'ny mpifehy ny mitsakotsako sakafo ho an'ny zazakely, na ho an'ny biby, na manandra-tsira sy ny tahak'izany raha ohatra ka tsy tafapaka any an-tenda; ary raha sendra nisy tafiditra tsy an-tsitrapo tao amin'ny tenda, na tsy nanana fahalalana fa ho tafapaka any amin'ny tenda tsy fidiny na vokatry ny fanadinoana, amin'izay fotoana izay dia tsy simba ny fifehezana.

M.31: Azon'ilay mpifehy atao ny mihomokomoka nohon'ny woulwou, na ny ankoatr'izany raha toa ka tsy misy amin'io rano io tafatelina an-tsitrabo. Ary moustahab aorian'ny fihomokomohana ny mandrora in-telo.

M.32: Raha nampiditra rano tao am-bavany ilay mpifehy nohon'ny fihomokomohana na ny ankoatr'izany, ka tafiditra tao an-kibony tsy fidiny izany dia misy fanazavana:

Raha toa ka nohon'ny hetaheta ka mila mampangatsiatsiaka ny vava no antony nanaovany izany dia wadjib aminy ny manolo; fa ny ankoatr'izany, amin'ireo antony maromaro mikasika ny fampidirana rano ao am-bava na ao anaty orona, ka tafapaka tao an-kibo tsy fidiny, araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani (حفظه الله), dia tsy wadjib aminy ny manolo na dia izany aza no fitandremana tsara atao, indrindra raha ohatra ilay woulwou nataony dia nohon'ny swalàt moustahab. Eny, fa na dia woulwou amin'ny ankapobeny aza, raha toa ka tsy natao ho an'ny swalàt wadjib.

3)-: Ny fampadaingana an-tsitrabo an'i Allah na ilay Irany na ny iray amin'ireo mpitarika masina (a.s) araka ny fitandremana tsy maintsy arahina, ary mety ampiharahana amin'izany i Fatwimah As-swidiqatout-Twàhirah sy ireo Mpaminany rehetra ary ireo mpitondra ny hafatr'izy ireo (tso-dranon'i Allah anie ho amin'izy ireo).

M.33: Raha nahatoky ilay mpifehy amin'ny fahamarinan'ilay resaka nolazainy momba an'i Allah, na momba ny iray amin'ireo olo-masina (a.s), avy eo anefa izy vao nahafantatra ny mahalainga ilay resaka, dia tsy simba ny fifehezany. Eny, raha nanao fanambarana momba an'i Allah, na momba an'ilay Irany tsy niankina tamin'ny porofo ara-dalàna ilay mpifehy, nefa kosa izy dia nanana ahiahy amin'ny mahalainga ilay resaka, ary izany moa dia lainga tokoa, dia ampiarina aminy ny

lalànan'ny olona izay nampanainga an-tsitrapo, araka ny fitandremana tsy maintsy arahina.

M.34: Tsy maninona ny mamaky ilay Quor'an na dia amin'ny fomba diso aza, raha toa ka ilay mpamaky tsy amin'ny endriky ny fitantarana ny fomba izay nidinan'ily Quor'an, ary izany dia tsy manimba ny fifehezany.

4)-: Araka ny malaza amin'ireo manam-pahaizana, ny fampisitrihana ny loha an-tsitrapo ao anaty rano dia manimba ny fifehezana, fa kosa araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani (حَفْظَةُ اللَّهِ), izany dia tsy mampisy voka-dratsiny amin'ny maha-ara-dalàna ny fifehezana izany; eny, izany dia tena makrouh, ary tsy misy ny mahasamihafa izany eo amin'ny fanasitrihana ny vatana manontolo sy ny loha fotsiny, ary tsy maninona ny fitsanganan'ily mpifehy eo amin'ny ranon'orana milatsaka ...sns, na dia nahenika ny vatany manontolo ilay ranon'orana.

M.35: Ny fitandremana tsara arahina ho an'ny olona izay mpifehy amin'ny volana Ramadany, na amin'ny volana hafa, dia ny tsy mandro amin'ny alalan'ny fanasitrihana ny loha ao anaty rano, na dia azo atao aza izany araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani (حَفْظَةُ اللَّهِ).

5)-: Ny fanaovana firaisana ara-nofo an-tsitrapo izay mahatonga ny djanabah; fa tsy simba ny fifehezana raha tsy natao an-tsitrapo.

6)-: Ny famoahana ranon'aina an-tsitrapo amin'ny alalan'ny filalaovana, na oroka, na safosafo, na ny hafa ankoatr'izany, eny, rehefa manao ny iray amin'ireo zavatra ireo ny olona nefa tsy manana fahatokisan-tena amin'izay tsy fivoahan'ily ranon'aina, ka sendra nivoaka tampoka izany, dia simba ny fifehezany araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani (حَفْظَةُ اللَّهِ).

M.36: Rehefa nanonofy tao anatin'ny volana Ramadany ny olona, dia azony atao ny manao istibrà'a amin'ny alalan'ny fipipizana, na dia

mahatoky ny fivoahan'ny sisa tavela amin'ilay ranon'aina eo amin'ilay fivoahana, ary tsy misy ny mahasamihafa an'izany, na alohan'ny fandroana na aoriany, fa ny fitandremana dia ny famelana eo amin'ilay faharoa.

7)-: Fijanonana amin'ny djanabah an-tsitrabo hatramin'ny mangiran-dratsy. Izany lalàna izany dia voatokana ho an'ny fifehezana ny volana Ramadany sy ny fanoloana azy. Fa ankoatr'azy ireo kosa amin'ireo karazana fifehezana rehetra dia tsy simba ny fifehezana amin'izany araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani (حفظه الله) azy, na dia ny fitandremana dia ny tsy fanaovana izany amin'ireo fifehezana wadjib rehetra. Torak'izany koa, ny fitandremana tsara atao dia ny tsy manolo ny fifehezana ny volana Ramadany eo amin'ny andro izay nahatafajanona amin'ny djanabah hatramin'ny mangirandratsy tsy an-tsitrabo.

M.37: Ny fijanonana amin'ny loton'ny fadimbolana na ny ràn'ny fiterahana, kanefa nanana fahafahana nandro na nanao tayamoum izy, dia manimba ny fifehezana amin'ny volana Ramadany izany, eny fa na dia amin'ny fanoloana azy ihany koa aza araka ny fitandremana tsy maintsy arahina, fa raha amin'ny fifehezana hafa ankoatr'izany dia tsy maninona.

M.38: Izay voan'ny djanabah amin'ny alin'ny volana Ramadany, avy eo natory tsy nisy fikasana ny handro -raha nikasa ny hamela ny fandroana, ary toy izany koa, araka ny fitandremana raha toa ka nisalalala tamin'izany- koa nifoha aorian'ny mangirandratsy izy, ny lalàna mifehy azy dia toy ny lalàna mifehy ny olona izay nijanona tamin'ny djanabah an-tsitrabo. Fa raha nisy ny fikasana mba handro, ary nanana fahatokisana ho tafafoha -nohon'ny fahazarana na ny ankoatr'izany- kanefa tsy tafafoha vokatry nohon'ny tsy ampoizina raha tsy hoe aorian'ilay mangirandratsy dia tsy mampaninona izany, ary ara-dalàna ny fifehezany. Eny, rehefa nifoha, avy eo niverina natory ka tsy tafafoha intsony hatramin'ny mangirandratsy, amin'izay fotoana izay dia wadjib aminy ny manolo mba ho sazy ho azy, torak'izany koa, ny fomba atao eo amin'ilay torimaso

fahatelo, afa-tsy hoe, ny fitandremana tsara atao amin'izany, dia ny mamoaika onitra na “kaffàrah” ihany koa.

M.39: Rehefa voan'ny djanàbah amin'ny alin'ny volana Ramadany ary nisy fikasana mba handro fa tsy nisy fahatokisana mba ho tafafoha, ny fitandremana tsy maintsy arahina araka ny fahitàn'ny As-sayed As-sistani (حَفْظُهُ اللهُ) dia manao fandroana alohan'ny hatory. Koa raha natory izy kanefa tsy nahafoha, ny fitandremana tsy maintsy atao dia ny manolo na dia amin'ilay torimaso voalohany aza, eny, ny fitandremana tsara atao dia ny mamoaika onitra ihany koa, indrindra eo amin'ilay torimaso fahatelo.

M.40: Raha fantany ny fisian'ny djanàbah fa nanadino ilay fandroana izy hatramin'ny fiposahan'ny mangirandratsy amin'ny volana Ramadany dia tsy maintsy ilaina ny manolo izany fa kosa wadjib aminy ny mitazona ny tenany amin'izany andro izany, amin'ny fikasana arak'izay ao an'eritreritra. Ary ny lalàna manankery dia tsy fampiharana izany lalàna izany amin'ny fifehezana ankoatry ny volana Ramadany, na dia ny fanoloana azy aza toy ny efa voalaza teo aloha. Fa raha tsy fantany ny maha-djanàbah azy, na fantany fa sendra nanadino ny tsy maintsy hifehezany rahampitso hatramin'ny fahatongavan'ny mangiran-dratsy, dia ara-dalàna ny fifehezany ary tsy misy ny olana.

M.41: Raha ny olona izay voan'ny djanàbah no tsy nahavita nandro amin'ny alina, dia wadjib aminy ny manao tayammoum alohan'ny mangirandratsy mba ho solon'ilay fandroana, fa raha tsy nanao izany izy dia simba ny fifehezany araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani (حَفْظُهُ اللهُ). Ary tsy voatery aminy ny miaritra amin'ny torimaso aorian'izany hatramin'ny mangirandratsy, na dia izany aza no fitandremana tsara atao.

M.42: Ny lalàna mifehy ny vehivavy izay ao anatin'ny fitsihan-drà kely dia mitovy lalàna amin'ny vehivavy madio. Fa amin'ny fitsihan-drà betsaka kosa, ny malaza amin'ireo manam-pahaizana, mba heverina ho ara-dalàna ny fifehezany dia mila mandro aloha izy amin'ireo fandroana

amin'ny atoandro sy ny alina efa lasa izay resahan'izy ireo amin'ny taranjan'ny fitsihan-drà na “istihâlwah”. Fa araka ny fahitàn'ny As-sayed As-sistani (حَفِظَةُ اللَّهِ) azy, dia tsy mifanalavitra ny tsy fiheverana izany, na dia izany aza no fitandremana tsara atao. Eny ny fitandremana dia ny fandroan'ily vehivavy ho an'ily Swalât maraina alohan'ny mangirandratsy, avy eo mamerina ny fandroana aorian'izany. Fa ny mikasika ilay fitsihan-drà antonony, araka ny fahitàn'ny As-sayed As-sistani (حَفِظَةُ اللَّهِ), dia ny tsy fiheverana ny fandroana eo amin'ny maha-ara-dalàna ilay fifehezany, na dia ny fitandremana tsara atao aza dia ny fandroana ihany koa.

8)-: Ny fampidirana an-tsitrabo ireo vovoka sy setroka matevina mankany an-tenda araka ny fitandremana tsy maintsy arahina, ary tsy maninona raha toa ka tsy matevina izy ireo, torak'izany koa dia tsy maninona raha toa ka sendra ireo vovoka na setroka izay mananosarotra ny fiarovan-tena amin'izy ireo, toy ny tora-jofa tampoka izay nampiakarin'ny rivotra.

9)-: Ny fandoavana an-tsitrabo, ary azon'ily mpifehy atao ny mandrezatra na dia miahiahy ny amin'izay mety ho fivoahan'ny sakafo na rano miaraka amin'izany. Fa ny fitandremana tsara arahina dia ny tsy fanaovana izany raha matoky ny amin'ny fivoahan'ily sakafo miaraka amin'izany.

M.43: Raha nandrezatra ilay mpifehy ka mivoaka tsy ampoizina ny sakafo na zavatra hafa, dia tsy azony atao ny mamerina mitelina izany, ary araka ny fitandremana, ny fitelemany izany fanindroany dia mitovy lalàna amin'ny olona nihinana na nisotro an-tsitrabo.

10)-: Ny fanaovana basirano, na ny ankoatr'izany toy ny fampidirana serôma, fa tsy misy olana kosa ny amin'izay tsy mitsiranoka.

Fehiny

Ireo zavatra manimba ny fifehezana izay efa voalaza teo aloha - ankoatra ny fihinanana sy fisotroana ary fanaovana firaisana ara-nofa, marina tokoa fa ireo rehetra ireo dia manimba ny fifehezana raha nanao izany ilay olona mahalala ny maha-mpanimba an'ireo zavatra ireo ny fifehezana na koa ilay olona bado nohon'ny tsirambina. Ary torak'izany ihany koa amin'ilay mahalala tsy nohon'ny tsirambina, raha ohatra ka nanana fisalasalana tamin'izany izy. Fa tsy miteraka ny fahasimban'ilay fifehezana kosa ireo zavatra ireo raha nataon'ny olona izay nanana porofo ara-dalana amin'ny tsy maha-mpanimba ny fifehezana ireo zavatra ireo, na koa nataon'ny olona bado nohon'ny bado raha toa ka ny habadoany dia tsy nohon'ny tsirambina.

أَحْكَامُ الْمُفْطَرَاتِ

Ireo lalànan'ireo zavatra manimba ny fifehezana

Wadjib ny mamoaika “kaffarah” na onitra ho an'ilay olona izay nanimba ny fifehezany tamin'ny volana Ramadany nohon'ilay fihinanana na fisotroana na firaisana ara-nofa na famoahana ranon'aina amin'ny alalan'ny filalaovana na koa ny fijanonana amin'ny djanàbah an-tsitraro fa tsy noterena. Ary izany onitra izany dia tanteraka amin'ny alalan'ny famoahana andevo anankiray, na mampisakafa mahantra miisa 60, na ny fifehezana mandritra ny volana roa mifanesy, izany hoe manao ilay fifehezana feno mandritra ilay volana voalohany, ary amin'ilay volana manaraka dia mila mifehy na dia andro anankiray, ary avy eo mifehy amin'izay tiany amin'ireo andro sisa tavela. Izany voalaza izany no atao, raha toa ka simba tamin'ny alalan'ny zavatra halàl ny fifehezana; fa raha tamin'ny alalan'ny zavatra haràm, ny fitandremana tsara atao araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani (حَفِظَهُ اللهُ) dia fanakambanana ireo onitra rehetra ireo izay efa noresahana teo. Raha tsy vitany ilay fanakambanana, dia ny manafohy izany arak'izay vitany.

M.44: Raha manery ny vadiny mba hanao firaisana ara-nofa aminy ilay lehilahy amin'ny atoandron'ny volana Ramadany, kanefa ilay vehivavy mifehy, dia mamoka onitra avo roa heny ilay lehilahy araka ny fitandremana tsy maintsy arahina no sady saizana araka ny fahitan'ilay mpitsara ara-dalàna. Fa raha tsy misy fanerena ary ilay vehivavy dia nanaiky izany, amin'izay fotoana izay dia wadjib amin'ny tsirairay amin'izy roa ny famoahana ilay onitra no sady samy mahazo sazy ihany koa araka fahitan'ilay mpitsara.

M.45: Izay manao ny iray amin'ireo zavatra manimba ny fifehezana amin'ny volana Ramadany ka simba ny fifehezany dia wadjib aminy ny mitazona ny tenany tanteraka eo amin'ny fe-potoan'ny andro sisa tavela, araka ny fitandremana tsy maintsy arahina. Eny, ny fitandremana amin'izany dia mba manao fikasana ankapobeny amin'ny fanatanterahana ilay didin'i Allah raha toa ka nohon'ny fidiran'ny setroka na vovoka matevina nankany amin'ny tenda sy nohon'ny fampadaingana an'i Allah sy ilay Irany. Ary tsy voatery ny famoahana ilay onitra afa-tsy noho ilay mpanimba voalohany, fa tsy nohon'ny isan'ireo mpanimba, na dia eo amin'ny firaisana ara-nofa sy famoahana ranon'aina an-tsitrabo aza. Marina tokoa fa araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani (حَفِظَهُ اللهُ) dia tsy averimberina ilay onitra nohon'ny fiverimberenan'izy roa ireo, na dia izany aza no fitandremana tsara atao.

M.46: Izay manapaka ny fifehezany amin'ny volana Ramadany an-tsitrabo, avy eo nanao dia lavitra dia tsy foana aminy mihitsy ny maha-wadjib ilay onitra, na dia nataony alohan'ny zawal aza ilay dia lavitra.

M.47: Voatokana amin'ny maha-wadjib famoahana ilay onitra ho an'izay mahay ny lalàna, fa tsy takiana onitra kosa izay bado amin'ilay lalàna tsy nohon'ny tsirambina, na ilay bado nohon'ny tsirambina -fa tsy ilay mpisalalala- araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani (حَفِظَهُ اللهُ). Koa raha nanao zavatra izay nanapaka ny fifehezana izy nohon'ny fahatokisany fa tsy manimba ny fifehezany izany, dia tsy wadjib aminy ny mamoka

onitra, na dia mino izy fa haràm amin'ny tenany ny manao izany na tsia araka ilay lalàna manankery avy amin'ny As-sayed As-sistani (حَفِظَهُ اللهُ). Noho izany, raha namoaka ranon'aina an-tsitrapo izy nohon'ny fahafantarany ny maha-haràm izany, fa matoky izy -nohon'ny tsirambinany tsy maha-mpanimba ny fifehezana izany dia tsy wadjib aminy ilay onitra. Eny, tsy voatery eo amin'ny maha-wadjib ilay onitra ny fahafantarana ny maha-wadjib azy.

مَوْزِدُ وُجُوبِ الْقَضَاءِ فَقَطِ

Ireo antony ilàna ny fanoloana fotsiny

M.48: Izay nanapaka ny fifehezana amin'ny volana Ramadany nohon'ny antony dia lavitra izay nataony ohatra, na nohon'ny aretina na nohon'ny antony hafa...sns, dia wadjib aminy ny manolo izany amin'ny volana hafa mandritra io taona io, afa-tsy amin'ireo andro “eïd” anankiroa (al-fitwr sy al-lwohà), fa tsy azo atao mihitsy ny manao fifehezana amin'ireo andro anankiroa ireo, na fifehezana fanoloana izany na ny ankoatr'izany amin'ireo karazana fifehezana rehetra na dia moustahab aza.

M.49: Izay voatery amin'ny atoandron'ny volana Ramadany, mba hihinana na hisotro na hanao firaisana ara-nofa na tratran'ny fanaovana taqiyah na koa voatery mba handoa na hanao seroma sy basirano, dia azony atao ny manapaka ny fifehezana amin'izany, arakarak'ilay fetra ilaina, kanefa kosa simba ny fifehezany ary wadjib aminy ny manolo. Eny, ny fitandremana tsy maintsy arahina dia ny manolo nohon'ny fahaterena mba hanapaka izany, ankoatra ireo antony telo voalohany izay nolazaintsika teo aloha.

M.50: Efa hitantsika teo ny sasantsasany amin'ireo antony izay ilàna ny fanoloana fotsiny fa ny sisa tavela holazaintsika dia ireto manaraka ireto:

1-Raha namela ny fikasana teo amin'ny volana Ramadany fa kosa tsy nanao ny iray amin'ireo zavatra mpanimba ny fifehezana izay efa noresahina.

2-Raha ohatra izy nanao ny iray amin'ireo zavatra mpanimba ny fifehezana, tsy nisy fikarohana ny oran'ny fiposahan'ily mangirandratsy ka nahafantatra izany izy tamin'ny fotoana nihinanany, dia wadjib aminy ny mitazona ny tenany amin'ny fikasana amin'ny endrika ankapobeny araka ny fitandremana tsy maintsy arahina, ary ny manolo izany any aoriana. Fa raha nanao fikarohana kosa izy kanefa tsy niseho taminy ny famantarana ny fiposahan'ny mangirandratsy, ary nanao zavatra manapaka ny fifehezana, avy eo izy vao nahafantatra ilay fiposahany, amin'izay fotoana izay dia tsy wadjib aminy ny manolo.

3-Raha ohatra ilay mpifehy nanao zavatra nanapaka ny fifehezana nohon'ny fiankinana tamin'ny resak'olona izay nanambara taminy fa mbola alina ny andro, avy eo fantany fa ny mifanohitra amin'izany no nitranga.

4-Raha ohatra ka nisy nanambara ny fiposahan'ny mangirandratsy, kanefa izy nanao zavatra nanapaka ny fifehezany nohon'ny fiheveran'izany ho sangisangin'ily mpanambara, avy eo fantany fa niposaka marina ny mangirandratsy.

5-Raha nisy olona azo iankinana ara-pinoana ny teniny no nanambara toy ny fanambaran'ny vavolombelona ara-dalàna amin'ny filentehan'ny masoandro, ka nanapaka izy, ary fantany anefa avy eo fa ny mifanohitra amin'ily fanambarana no nitranga. Fa raha ny mpanambara kosa dia olona izay tsy azo iankinana amin'ny teniny, dia wadjib aminy ihany koa ny mamoka onitra, afa-tsy hoe fantatra fa ny fanapahana ny fifehezana izay nataony dia taorian'ny filentehan'ny masoandro.

6-Raha nanapaka ny fifehezana ny mpifehy nohon'ny fiheverany fa efa nilentika ny masoandro, avy eo anefa fantany ny mifanohitra amin'izany, na dia izany nohon'ny fisian'ny rahona eny amin'ny lanitra aza, araka ny fitandremana tsy maintsy arahina.

أَحْكَامُ الْقَضَاءِ

Ireo lalànan'ny fanoloana

M.51: Tsy takiana ny filaminana sy ny fitohizana eo amin'ny fanoloana, noho izany dia azo atao ny mampisaraka, toy ny fahazoana ny manolo ny fifehezana izay tsy vitany taoriana mialohan'ny manolo izay tsy vitany teo aloha.

M.52: Ny tsara sy ny fitandremana atao araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani (حَفْظَةُ اللَّهِ), dia ny manolo izay tsy vitany tamin'ny volana Ramadany mandritr'io taona io mandra-pahatongavan'ilay volana Ramadany manaraka, ary tsy mila manatara izany. Rehefa nanatara izany an-tsitrabo dia ilaina ny mamoka onitra مُدَّة “moudd” anankiray isaky ny andro, ary araka ny fitandremana ihany koa dia ilaina ny mamoka izany rehefa manatara tsy an-tsitrabo. Eny, raha ohatra ny fahatarana niankina tamin'ny fitohizan'ny aretina hatramin'ilay volana Ramadany manaraka, ka tsy vitan'ilay olona iharan'ny didy ny manolo izany mandritr'io taona io, dia foana ny maha-wadjib ny fanoloana, fa ny takiana aminy fotsiny dia ilay onitra.

M.53: Rehefa voafetra amin'ny andro iray ny tsy maintsy hanoloana ny fifehezana ho an'ny tena dia tsy azo atao ny manapaka izany andro izany alohan'ny zawàl sy aoriany, fa raha ohatra kosa ka tsy voafetra ny fotoana, dia azony atao ny manapaka alohan'ny zawàl fa tsy aoriany, ary eo amin'ireo endrika anankiroa ireo, raha toa ka nanapaka aorian'ny zawàl dia tsy maintsy mamoka onitra izy, ary izany dia ny mampisakafo mahantra folo, ka ny tsirairay amin'izy ireo dia tolорana

sakafo “moudd” anankiray. Fa raha tsy mahavita izany izy, dia mila mifehy telo andro ho solon’izany. Fa ny fifehezana wadjib -izay tsy fanoloana ho an’ny tena- kosa, raha ohatra voafetra ny fotoana dia tsy azo atao mihitsy ny manapaka, -eny, mety ilaina ny famoahana onitra, toy ny fanapahana eo amin’ily fifehezana voafetra amin’ny alalan’ny voady-, fa raha tsy voafetra ny fotoana, dia azo atao ny manapaka izany alohan’ny dhouhour sy aoriany, fa ny tsara dia ny tsy manapaka aorian’ny zawàl, indrindra raha ohatra ilay fifehezana wadjib dia fanoloana ny fifehezana ny volana Ramadany ho an’ny olon-kafa amin’ny alalan’ny fikaramana, na ny ankoatr’izany.

M.54: Izay tsy nahavita nifehy tamin’ny volana Ramadany nohon’ny fisian’ny fialan-tsiny na ny ankoatr’izany, ary tsy nanolo nefa tokony nahavita nanao izany, ka hatramin’ny nahafatesany, ny fitandremana tsy maintsy arahina dia ny manolo izany ho azy ny zanany lahy voalohany arak’ireto fepetra anankiroa manaraka ireto:

1-Raha ohatra ilay zanany lahy io, tamin’ny fotoana nahafatesan’ny rainy dia tsy zaza tsy ampy -izany hoe tsy ampy nohon’ny fahazazany na nohon’ny hadalany-.

2-Raha ohatra ilay zanany lahy io dia tsy nosakanana mba handova ny rainy, noho ireo antony sasantsasany, toy ny famonoana ny rainy, sy ny maha-mpitsipaka an’i Allah azy, fa raha nosakanana izy dia tsy wadjib aminy ny fanoloana.

Ny fitandremana tsara atao dia ny manao fanoloana ihany koa ho an’ny reny, ary nilaza ny As-sayed As-sistani (حَفْظَةُ اللَّهِ) tao amin’ily boky antsoina hoe المسائل المنتخبة p.212 fa izay zavatra noresahiny tao amin’ny andininy مسألة faha: 445-450, mikasika ny fanoloana ny swalàt dia mbola io ihany no lalàna mamehy mikasika ny fanoloana ny fifehezana.

M.55: Rehefa tsy nahavita ny fifehezana tamin'ny volana Ramadany nohon'ny aretina na fadimbolana na ny ràn'ny fiterahana, ka tsy nahavita nanolo azy, toy ny maty talohan'ny fahasitranan'ilay aretina, na fijanonan'ilay fadimbolana na ny ràn'ny fiterahana, na koa taorian'ilay fahasitranana fa alohan'ny tsy fahampian'ny fotoana ahafahany manolo azy, dia tsy voatery atao ny fanoloana izany ho azy.

وَ الْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ
وَ صَلَّى اللَّهُ عَلَى مُحَمَّدٍ وَ آلِهِ الطَّاهِرِينَ.

Fomba nanoratana an'ireo litera arabo:

خ	ح	ج	ث	ت	ب	ا
<i>kh</i>	<i>h</i>	<i>dj</i>	<i>th</i>	<i>t</i>	<i>b</i>	<i>a</i>

ص	ش	س	ز	ر	ذ	د
<i>sw</i>	<i>ch,sh</i>	<i>s</i>	<i>z</i>	<i>r</i>	<i>dh</i>	<i>d</i>

ع	ع	ع	ع	ظ	ط	ض
<i>an</i>	<i>in</i>	<i>on</i>	<i>en</i>	<i>dhw</i>	<i>tw</i>	<i>lw</i>

ن	م	ل	ك	ق	ف	غ
<i>n</i>	<i>m</i>	<i>l</i>	<i>k</i>	<i>q</i>	<i>f</i>	<i>gh</i>

ي	ء	ه	و
<i>y</i>	<i>a</i>	<i>h</i>	<i>w</i>


Fizahan-takelaka

Ny fifehezana sy ireo fepetra maha-wadjib azy	8
1-Ny fahampian'ny taona - أَلْبُؤُغُ -	8
2;3-Ny fahavorian'ny saina sy ny tsy fahatoranana.....	8
4-Ny twahàrah na ny fahadiovana amin'ny fadimbolana sy amin'ny ràn'ny fiterahana, - الطَّهَارَةُ مِنَ الْحَيْضِ وَالنَّفَّاسِ -	8
5-Tsy fisian'ny voka-dratsy - عَدَمُ الضَّرْرِ -	9
6-Ny maha-eo an-tanàna na izay mitovy lalàna amin'izany.....	9
Famaritana ny tsinambolana amin'ny volana Ramadany.....	13
Fikasana amin'ny fifehezana.....	16
Ireo zavatra manimba ny fifehezana.....	18
Ireo lalànan'ireo zavatra manimba ny fifehezana	25
Ireo antony ilàna ny fanoloana fotsiny	27
Ireo lalànan'ny fanoloana.....	29

Anaran'ilay boky: “Bokin'ny fifehezana”.
Mpadikan-teny: Sheikh Salim Manrouf
Natonta: Voalohany
Navoaka: Teto Antananarivo, volana Jamàdi Al-oulà 1439H/2018.
Famoaham-boky: Print Express Tél: 22 697 62 Fax: 22 551 53
Imprimatur: INISMA

كتاب الصوم
Bokin'ny fifehezana araka ny fatwà-n'ny

As-sayed As-sistani
(دام ظلّه)



مدرسة دار الحكمة

Madrassah Dâroul-hikmah